




JIRO SY RANO MALAGASY

CONSEIL D'ADMINISTRATION : LOT VS 15 AVARADROVA (HAUTE VILLE) 101 ANTANANARIVO – BP 200
ADRESSE TELEGRAPHIQUE : JIRAMA
C.C.P. 21 441 - ANTANANARIVO
B.N.I-C.L : 0 1 1735 5 VAR
R.C.71 20 - ANTANANARIVO

Antananarivo faha, 26 Aprily 2017

STATISTIQUE N° 40100 11 1957 0 10005
TELEPHONE 020 22 674 05 - ANTANANARIVO

FANAMBARANA

*********

Ry Mpiara-miasa rehetra eto amin'ny JIRAMA,

Taorian'ny fifantenana nangaraharaha sy matihanina natrehan'olona 95, notendren'ny Filankevitry ny Ministra androany 26 Aprily 2017 ho Tale Jeneralin'ny JIRAMA Andriamatoa JAOMIARY Olivier.
Izy no nosafidian'ireo Minisitra tamin'ireo olona telo natolotry ny Filakevim-pitantanan'ny JIRAMA.

Andriamatoa JAOMIARY Olivier dia 46 taona, manambady ary mana-janaka telo. Nianatra tao amin'ny INSCAE, ESSEC ao Paris-Frantsa ary London Business School - Angletera izy.
Niasa nandritra ny taona maro teo amin'ny sehatry ny Fifandraisana (Télécommuncations) izy izay nitazonany andraikitra teo amin'ny fitantanana ara-bola, ny mpiasa , ny fandrindrana (organsation) ary Fitantanana ankapobeny teo amin'ny sehatra Afrikana.

Izy dia nosafidiana noho ny finiavana hanarina sy hanavao ny orinasantsika mba ahafahany miatrika ny asany amin'ny maha mpiasa ho an'ny vahoaka (services publics) azy sy ahatrarana ireo tanjona ara-barotra.

Andriamatoa JAOAMIARY Olivier dia manana traikefa voasedra amin'ny fanarenana orinasa lehibe sy ny fandrindrana asa amin'ny orinasa manana tambajotra lehibe sy misandrahaka.
Manana traikefa voaporofo ihany koa izy amin'ny fahaizany manokana miandraikitra ny lafiny ara-piarahamonina sy sosialy eo anivon'ny orinasa.
Manan-danja ihany koa ny fahaizany hanana vina sy hanatanteraka izany izay hinoantsika fa ahafahany mitarika antsika mba hiverina ho orinasa miroborobo na amin'ny lafiny maha olona izany, amin'ny lafiny indostrialy, ara-barotra ary ara-bola.

Mino izahay fa ho hain'Andriamatoa JAOMIARY Olivier ny hitantana ny orinasa hahatratra ireo tanjona tiana hotratrarina, ary izany dia noho ny fitokisana feno ny fanohanana avy amintsika rehetra.

Miarahaba azy ny Filankevim-pitantanana ary manainga antsika rehetra hanohana azy satria ny fahombiazana andrandraintsika dia asa hiombonan'ny mpitondra sy ny mpiasa rehetra.

Ho an'ny Filankevim-pitantanana,

JIRO SY RANO MALAGASY JI.RA.MA

Ny Mpitondra teny
BEFENO TODIMANANA Hyacinthe